FAMARITANA NY MOMBA IREO RANTSAMANGAIKA MIROTSAKA AN-TSITRAPO

Lohateny : Fanofanana ireo ratsamangaika mirotsaka an-tsitrapo

Toerana : Sambava

Faharetany : **5** andro

Fotoana : **20, 21, 22, 23 sy 24 aogositra 2018**

I – Ny Tetikasa

Ny **PEV Madagascar** na « **Rindra hisiam-pifidianana lavitry ny hetraketraka** » dia tetikasa iray vatsian'ny Vondrona Eropeanina vola amin'ny alalan'ny "Instrument contribuant à la Stabilité et à la Paix (IcSP)". Ny Ivon-toerana Eropeanina Manohana ny Fifidianana (ECES) no manatanteraka azy miaraka amina rafitra fiarahamonim-pirenena, ahitana ny Komity Mpanaramaso ny Fifidianana (KMF/CNOE), ny fikambanana Liberty 32, ny "Coalition des Radios pour la Consolidation de la Paix", ny Hai-serasera Manonga Dia (CID) ary ny fikambanana "Association Universitaire pour la promotion du genre (AUProG)". Roapolo (20) volana no faharetan'ny asa (janoary 2018 – aogositra 2019).

Mitondra ny anjara-biriky amin'ny fametrahana fitoniana mba hisian'ny fifampitokisana ny tetikasa. Ny asa rehetra dia mifototra amin'ny alalan'ny fanomezana laka ny fifampiresahana sy ny fifanomezan-tanana eo amin'ireo mpisehatra samihafa. Ireto avy ary ny vokatra andrasana : ny fisian'ny paik'ady ho fisorohana ny mety ho fifanandrinana amin'ny alalana fitaovana iray ahafahana mandefa antso fanairana raha misy tranga mampiahiahy sy ahafahana mamaritra/manolotra ny vahaolana hamahana izany araka ny fomba fiasan'ny vondrona fanaraha-maso ny trangana herisetra (situation room), ny fisian'ny fifanakalozan-kevitra sy fikaonan-doha eo amin'ny fiarahamonim-pirenena, ny haino vaky jery, ireo rafitra mikarakarana sy ny manaramaso ny zotram-pifidianana, ny mpitandro filaminana ary izay olona na rafitra hafa mety ho voakasiky ny tetikasa, ny fahatongavan-tsain'ireo mpiasa amin'ny haino vaky jery hihevitra sy handray anjara amin'ny fisorohana ny herisetra, fa eo ihany koa ny fampihodinana ny ivo-toerana mandalina ny asa fanaovan-gazety mba ho fitaovana fanairana sy fitsirihana ireo disadisa mety hivadika fifanandrinana ary koa ho fitadiavam-bahaolana hamahana an'ireo mba hisian'ny fitoniana sy ny fifandeferana ho tombotsoan'ny olom-pirenena.

Taorian'ny fanofanana ireo mpandrindra isam-paritra, dia manao antso avo amin'ireo mpilatsaka an-tsitrapo vonona hiara-hiasa aminy indray ny tetikasa. Izy ireo no ho ratsamangaika eny anivon'ny distrika. Hahazo fiofanana mandritra ny telo andro sy tapany ireo olona ireo ary ho lasa mpandefa antso fanairana miainga avy eny ifotony mankany amin'ny foibe fanaraha-maso ny trangana herisetra raha sendra misy ny tranga mifamatotra amin'ny fifidianana mampiahiahy. Manampy amin'ny famahana ny disadisa izy ireo arak'izany. Hifarana amina adihevitra handraisan'ireo mpisehatra samihafa anjara ireo telo andron'ny fiofanana. Izany adihevitra izany kosa dia natao mba hanazavana amin'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra fototra ijoroan'ny fisorohana sy ny famahana ny disadisa mifandraika amin'ny fifidianana, eo ihany koa ny famaritana ny fomba hahafahana mampandray anjara ny mpisehatra rehetra (indrindra fa ireo mpanao politika, ny mpitandro filaminana, ireo rafitra mikarakarana sy ny manarahamaso ny dingan'ny fifidianana, tsy hadino koa ny Mpitondra Fivavahana, ireo Olobe sy Ray Amandreny, ny fiarahamonim-pirenena ary ny mpiasehatra amin'ny haino vaky jery) ao anatin'ny rafitra mpandrindra ny fanairana raha misy tranga mampiahiahy sy ny mpandravona ny disadisa ; ary farany mba hanamafisana ny fitokisan'ny olom-pirenena an'ireo mpisehatra ireo.

II – Tanjon'ny fanofanana

Ny tanjona fototry ny fanofanana dia ny fametrahana tambazotrana olompirenena mpitsirika mavitrika ary matianina hiantoka ny fanaraha-maso sy ny fampihenana ny trangana herisetra.

Antenaina ary fa aorian'ny fanofanana, ireo mpisitraka ireo dia:

- Hahazo tsara ny atao hoe tranga mafapana sy ireo disadisa mifandraika amin'ny fifidianana ;
- Hahatsapa ny mahazava-dehibe ny fisorohana sy ny fampihenana ny herisetra mifandraika amin'ny fifidianana ;

- Hahafantatra ny fomba fiasan'ny « dispositif » natokana hanairana sy hitsirihana ireo tranga mety hivadika fifanandrinana ary ny fomba hamahana ireo ;
- Hahafehy ireo fitaovana fanangonana ny toro rehetra hahafahana mandefa ny fanairana voalohany (sms, taratasy fenoina) ;
- Hahafantatra ny anjara asa sy ny mombamomba ireo mpisehatra mampihodina ny "dispositif", ny fifandraisan'izy ireo, indrindra fa izay sahanin'ireo mpandrindra sy ratsa-mangaika mpitsirika eny ifotony ;
- Hahafehy ny atao hoe fahaiza-mitarika ka hahatontosa an-tsakany sy an-davany ny maha mpisoroka disadisa sy herisetra.

III – Fomba fiasa

Mifototra amina fomba fiasa mampandray ny rehetra sy isian'ny fifanakalozana ny fanofanana :

- Fanehoana an-tsary ny votoatin'ny fanofanana (power point);
- Asa an-tarika sy tatitra amin'ny mpisitraka rehetra;
- Fampiharana;
- kilalao sy tantara an-tsehatra samihafa :
- Fifanakalozana traikefa

IV – Ireo hiantefan'ny fiantsoana

Ireo avy ireo distrika voakasik'izany : Sambava, Vohémar, Antalaha, Andapa.

Toa izao no fepetra takiana amin'izay maniry hisitraka :
Mahafantatra ny atao hoe olompirenena mandray andraikitra sy ny demokrasia, tombony manokana ny fahalalana tsara ny dingan'ny fifidianana;

- Mahafantatra ny tontolo politika malagasy sy ny tranga ara ekonomika, politika ary ny fiainan'ny vahoaka eny ifotony ;
- Mahazo ny teny frantsay;
- Malalaka tsara (tsy manapaka) mandritra ny fotoana anatanterahana ny fiofanana;
- Miaina ny atao hoe fanoloran-tena sy asa an-tsitrapo;
- Mpikambana ao anatina rafitra fiarahamonim-pirenena;
- Mikajy ireto kolon-tsaina ireto : tsy fiandaniana, tsy fitanilana, firaisan-kina ary fahitsiana ;
- **Vonona amin'ny asa an-tsitra-po ankinina amin'ireo ratsamangaika aorian'ny fiofanana ;**
- Manana finday

V – Fepetra arahana

Ireo rehetra liana hanaraka ny fiofanana dia iangaviana handefa ny antontan-taratasiny ahitana taratasy iray mamaritra ny fahavitrihana, iray hafa manambara ny fanoloran-tena voasonia sy misy ny fitomboky ny rafitra niaviana, ary ny taratasy milaza ny mombamomba ny tena miaraka amin'ny sary nalaina vao haingana amin'ny mailaka dina.ranaivo@eces.eu na aterina tanana ao amin-Ramatoa **RASOLONJATOVO Abigaila Seheno (034 02 559 00)** fara fahatarany ny **zoma 03 aogositra 2018.**

Amporisihina manokana ny fandraisana anjaran'ny tanora. Tsara marihana fa ireo izay voaray ihany no hantsoina.

Antsoy ny laharana 22 204 31 ou 032 11 026 04 raha mila fanazavana fanampiny.